



“Araka izay efa nataonareo tamin’ny anankiray amin’ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tamiko” (Mat 25:31-46)

Ny fanoharana ny amin’ny ondry sy ny osy no fampianarana farany indrindra mikasika ny fitsarana farany nataon’i Jesosy. Ity fahatongavan’i Kristy ity dia tsy toy ny fahatongavany tahaka izay tsaroantsika isaky ny Krismasy, fa eto dia Jesoa Kristy amin’ny fihaviany be voninahitra, izany hoe Jesosy mitafy ny fahefan’ny mpanjaka (seza fiandrianana) sy ny mpitsara; ireo asa ireo dia mahakasika ny olombelona rehetra (ireo firenena rehetra fa tsy ny vahoaka voafidy ihany), ary izany no ahitantsika ao amin’ny Ezek 34, ilay mpanjaka-mpiandry ondry hanangona ambonin’ny zava-drehetra ny ondriny (ny vahoakany).

Ny Zanak’olona, mipetraka eo ambonin’ny seza fiandrianany, ary hodidinin’ny anjely masina, no hitsara. Havahana ho andiany roa ny olona rehetra avy amin’ny firenena rehetra, *tahaka ny mpiandry ondry manavaka ny ondry amin’ny osy*. “Ary ny aminareo, ry ondriko, izao no lazain’i Jehovah Tompo tamin’ny alalan’i Ezekielia, indro hotsaraiko ny adin’ny ondry aman’osy, dia ny ady ataon’ny ondrilahy sy ny osilahy namany aminy” (Ezek 34:17). Ho eo amin’ny ankavanana ny marina ary ho eo amin’ny ankaviany ny voaozona. Handray ny lovany izay efa nomanin’ny Ray ho azy hatramin’ny nanorenana izao tontolo izao ny marina. Ny voaozona kosa dia hatsipy any amin’ny helo izay lazaina fa toerana misy *afo maharitra mandrakizay izay voavoatra ho an’ny devoly sy ny anjelyny*. Rehefa tonga io fanavahana io dia izany no farany.

Hatsaram-panahy amin’ireto rahalahiko ireto ilay toetra takiana amin’ny fitsarana. Iza moa anefa ireto “rahalahy” voalaza ireto? Adikan’ny sasany ho ireo tsy manana na inona na inona sy ny ory ireo satria fantatra fa manana toerana manokana ao amin’ny fon’Andriamanitra ny ory sy ny tsy manana (Eks 22:22-27; Lio 16:19-25). Ny mpandinika hafa kosa mihevitra fa ireo “rahalahy” ireo dia iraka manokan’i Kristy (12:50; 28:10). Noho izany ny fitsarana dia mikasika indrindra ny fomba nitondran’ny olon’izao tontolo izao ireo irak’i Kristy, ireo rahalahiny. Nirahin’i Kristy izy ireo, tsy nitondra sakafo na vatsy (10:9-10), niatrika zavatra mafy sy fanenjehana, hatramin’ny fidirana am-ponja. Mitovy amin’ny fandavana an’i Kristy mihitsy ny fandavana ny iray amin’ireo rahalahy ireo (25:45).

Tsy voatery hifidy ny iray amin’ireo fomba fijery ireo isika satria nantsoina mba hanome izay mahasoana ny olona rehetra, dia ny fitiavana. Ary izany dia ho fitiavam-pirahalahiana, fitiavana aty an-tany niainana amin’ny anaran’i Kristy. Fitiavana vokatry ny hanoanana, ny hetaheta, ny kiraro sy ny palitao, ho an’ireo any amin’ny hopitaly sy ny migadra. Fitiavana amin’izay filan’ny rahalahy sy ny anabavy, ho an’ny fahasambaran’ny rahalahintsika sy ny anabavintsika, fitiavana noho ny fanireren’ny rahalahintsika sy ny anabavintsika. Ka na ho an’ireo izay manana finiavana hitia, na ho an’ireo izay tsy miraharaha ny fotoana mety, dia hoy Jesosy aminy: “Tahaka ny nataonareo/tsy nataonareo tamin’ireny no efa nataonareo na tsy nataonareo tamiko koa.

Ry Havana, ampatsahivin’i Jesosy isika androany fa ho tsaraina momba ny fitiavana isika ary momba ny fitiavana ihany. Izany dia fitiavana tena tsotra: manome izay hohanina, hosotroina, mampiantrano,



mampitafy, mamangy, mitsabo. Noho izany, ny fahoam-pitiavantsika amin'ny fihetsika feno fanetren-tena dia manana ny lanjany tsy voafetra, manana ny lanjany mandrakizay.

Ireo listra notanisain'i Jesosy dia sady tsy voafaritra no midadasika. Ohatra ihany ireo izay azontsika tohizana eo amin'ny fiainantsika: mitomany ny zanako amin'ny alina dia mifoha aho hampangina sy hampinono azy. Tsy afaka mietsika intsony ny reniko izay efa antitra, ka nanampy azy hiala teo ampandriany aho mba hametraka azy amin'ny sezany (fauteuil). Nila fisaikazana ny mpifanila trano aminay, ary dia nanodidina azy ireo izahay. Nisy fitadiavana mpilatsaka an-tsitrabo hampianatra Sekoly Alahady tao amin'ny Fiangonana, ary nanaiky izany andraikitra izany aho. Nitady fiarovana ireo mpiara-miasa amiko, ka noraisiko ny andraikitra sendikaly sy politika. Naniry anay ny tany an-dalam-pandrosoana ary nandray anjara tamin'ny hetsika eran-tany hiadiana amin'ny hanoanana aho. Ny vadiko, ny zanako, ny namako, ny mpiray vodi-rindrina amiko...

Ny sarin' ny fitsarana farany dia tsy natao hameno tahotra antsika amin'ny fanindriana amin'ny sazy ho avy, fa fanasana antsika kosa tsy hanao ambanin-javatra ny fotoana ankehitriny. Manomboka izao anio izao ny mandrakizay, amin'izao fotoana izao no ahafahantsika manome hohanina izay noana, mamangy izy mipetra-drery, manampy ny mpifanolo-bodo-rindrina izay mila fanampiana, mampionona izay azom-pahoriana... Amin'izao fotoana izao no ahafahantsika miantoka ny fifankatiavantsika amin'Andriamanitra.

Mba hamaranana ary, dia tsy tokony hitarika antsika hihevitra ity fanoharana ity fa ampy hitondra famonjena ho antsika ny fanehoana fitiavana amin'ny ory sy ny mahantra. Asehon'ny an-dàlana hafa mazava tsara fa manan-danja amin'ny fitsarana farany ny fahatokiana sy ny finoana an'i Jesosy (10:32-33 =>Ary na zovy na zovy no hanaiky ahy eo imaso...). Ny valiny omen'ny olona ny filazantsara no hamaritra farany na iray hiaraka any amin'ny mandrakizay eo anivon'ny olon-tsambatra any amin'ny lova izay efa nomanin'Andriamanitra hatramin'ny fahariana izao tontolo izao izy (25:34), na kosa ho any amin'ny afo maharitra mandrakizay (25:41)

Toriteny alahady 26 novambra 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA

**Chaque fois que vous l'avez fait à l'un de ces petits qui sont mes frères, c'est à moi que vous l'avez fait."
(Mt 25 :31 -46)**

Cette parabole marque le point culminant de l'enseignement de Jésus concernant le jugement final. Cette venue du Christ n'est pas la venue comme on l'a mémorisé chaque Noël, mais Jésus Christ dans son avènement glorieux, c'est-à-dire Jésus revêtu ici de l'autorité de roi (le trône) et de juge ; ces fonctions s'exercent sur l'humanité entière (les nations et non seulement sur le peuple élu), alors que dans Ez.34, le roi-berger rassemblera principalement son peuple.

Assis sur son trône et entouré de ses anges, le Fils de l'homme prononcera le jugement. Les gens de toutes les nations seront séparés en deux groupes, *comme le berger sépare les brebis d'avec les boucs*. « *Et toi, mon troupeau, disait l'Éternel par la voix d'Ézéchiël, apprends que je vais juger entre brebis et brebis, entre béliers et boucs* » (Eze 34 :17). D'un côté se tiendront *les justes*, de l'autre *les maudis*. Les justes recevront l'héritage que le Père a préparé depuis la création du monde. Les maudits seront jetés dans l'enfer, décrit comme *le feu éternel préparé pour le diable et pour ses anges*. Une fois la séparation opérée, elle sera définitive.

Le critère du jugement sera la bonté témoignée envers ces plus petits de mes frères. Mais qui sont ces « frères » ? Pour certains commentateurs, ce sont les pauvres et les malheureux car cette catégorie de gens occupe une place spéciale dans le cœur de Dieu (Luc 16 :19-25 ; Ex 22 : 21-26). Pour d'autres, les frères » sont les messagers particuliers du Christ (Mt 12 :50 ; 28 :10). Ces exégètes affirment alors que le jugement tiendra compte de la manière dont le monde les aura traités. Le Christ les a envoyés dans le monde sans nourriture ni provisions (10 :9-10) ; ils ont été exposés à de rudes conditions de vie et à la persécution, voire à l'emprisonnement. Le rejet de ces « frères » équivaut au rejet du Christ lui-même (25 :45).

Enfin de compte, nous n'avons pas à choisir entre ces deux interprétations car nous sommes appelés à répondre à tous les besoins humains, puisque c'est le propre de l'amour. Ce sera l'amour fraternel, l'amour terrestre vécu au nom du Christ. Il s'agira de faim, de soif, de chaussures et de paletots, d'hôpitaux et de prison. Il s'agira des besoins de nos frères et sœurs, du bien-être de nos frères et sœurs, de la solitude de nos frères et sœurs. Et pour chacune de nos initiatives d'amour, pour chacune aussi des occasions négligées, Jésus dira : « J'ai pris cela pour moi ».

Chers amis, Jésus nous rappelle aujourd'hui que nous serons jugés sur l'amour et exclusivement sur l'amour. Il s'agit d'un amour très simple : donner à manger, à boire, accueillir, habiller, visiter, soigner. Ainsi, nos plus humbles gestes d'amour ont une valeur infinie, une valeur d'éternité.

La liste citée par Jésus n'est d'ailleurs ni limitative, ni exhaustive. Ce sont des exemples que nous pouvons prolonger dans notre vie : mon enfant pleurait la nuit, et je me suis levée pour le consoler et le soigner. Ma vieille maman ne pouvait plus bouger, et je l'ai aidée à sortir de son lit pour s'asseoir dans son fauteuil. Nos voisins avaient besoin d'amitié, et nous les avons entourés. Dans l'Eglise, on cherchait des bénévoles pour enseigner à l'école de Dimanche, et j'ai accepté cette responsabilité. Mes collègues de travail avaient



besoin d'être défendus, et j'ai pris des responsabilités syndicales et politiques. Le tiers monde nous sollicitait et j'ai participé aux campagnes mondiales contre la faim... Mon conjoint, mes enfants, mes amis, mes voisins...

Le tableau du jugement dernier n'a pas pour but de nous remplir de peur en mettant l'accent sur une condamnation à venir, mais une invitation à nous préoccuper du moment présent. C'est maintenant que commence l'éternité, c'est maintenant que nous pouvons donner à manger à ceux qui ont faim, visiter ceux et celles qui vivent dans la solitude, aider nos voisins qui ont besoin d'assistance, consoler ceux qui sont dans le deuil... C'est maintenant que nous pouvons assurer notre amitié avec Dieu.

Pour terminer, cette parabole ne doit pas nous faire croire qu'une démonstration d'amour suffit à procurer le salut. D'autres passages soulignent que la foi et la confiance en Jésus seront également prises en compte au jugement dernier (10 :32-33 => c'est pourquoi quiconque me confessera devant les hommes...). La réaction des gens face à l'évangile déterminera s'ils passeront l'éternité en compagnie des bénis dans l'héritage que Dieu leur a préparé dès la création du monde (25 :34) ou dans le feu éternel (25 :41)

Prédication dimanche 26 novembre 2017
Pasteur Roger RAFANOMEZANTSOA